# Newsletter

Mars 2020

Sampana Iraisana Antoko Mpihira



## RETOUR SUR LA FORMATION TECHNIQUE VOCALE



" Fa fantatray, ry malalan' Andriamanitra, ny fifidianana anareo" (1Tesaloniana1,4)

Izany teny Izany no nandraisan'i Pasteur Rakoto Clément ireo olona izay tonga nanatrika ny fiofanana natao tao Grenoble ny Asabotsy 25 Janoary.
Ny fiofanana moa dia natao ho an'ny "Chef de Chœur" fa natrehana olontsotra sy mpitandrina liana fampianarana ihany koa. Ka notsindrian'ny Mpitandrina tamin'ny fitarihana nataony fa malalan'Andriamanitra tokoa ireo olona nofidiny sy notendreny ho amin'izany asa fanompoana fitarihana antoko mpihira izany, amin'ny alalan'ny fandraisan'izy ireo, ireo olona samihafa izay te hihira sy hidera an"Andriamanitra tsy noho ny hakanton'ny feony fa kosa noho ny fitiavany hanompo an'Andriamanitra.
Dia araka ny fampianarana nentin'i Ny Ifaliana dia anjaran'ny mpitarika ny mamantatra azy ireny ary manamboatra sy manatsara azy ireny hatrany ampahitsiana sy ampitiavana mba hitomboan'ny tsirairay sy hananany fahasoavana ho entina manao ny fanompoana sitrak'Andriamanitra araka ny teny izay noraisin'ny Pasteur Rakoto Clément ihany tao amin'ny bokin'ny hebreo mba ho taridalana ho an'ny mpiofana sy ny mpampiofana dia ny hoe: " Aoka isika hanana fahasoavana ho entintsika manao izay fanompoana sitrak' Andriamanitra" (Hebreo 12,28b).

Raha izay ny taridalana nentin'ny ray amandreny Mpitandrina dia hita tokoa nandritra ny fihofanana ny halehiben'ny fitiavan'Andriamanitra izay manankare-pahasoavana ka manome mihoatra noho izay irina sy tadiavina satria na dia teknika fampianaran-kira sy mozika aza no natao, dia nahazoana fampianarana tsara sy betsaka azo ampiasana amin'ny sehatra maro samihafa eo amin'ny fiainana, hany ka na dia ireo olona tsy havanana amin'ny fampianarana hira sy mozika aza dia nahazo tsara ny anjarany koa nandritra ny fihofanana.Ka nahatonga anay mpiofana nahatsiaro tena ho nosinganin'Andriamaitra sy nofidian'Andriamanitra (araka ny 1 Tes 1,4 teo ambony) manokana mba hanatrika izany fihofanana izany. Ka nahatonga anay ihany koa naka ny teny ao amin'ny ohabolana (Oha 19,14) hoe: " Maro ny fanirian'ny olona fa ny sitrapon'Andriamanitra ihany no tanteraka". Ka dia faly indrindra izahay noho fahalavorarian'ny fihaonana na tamin'ny dia izany, na tamin'ny fihofanana, na tamin'ny fandraisana. Dia fo feno fifaliana sy fankasitrahana no nisarahana ary koa fanantenana ny hitondra vokatra any amin'ny tafo nihavian'ny tsirairay sy eo an'ivon'ny Fpma iray manontolo. Vokatra tsy avy amin'ny herin'ny tena fa avy amin'ny fifidianan'Andriamanitra.

Ka toy ny nampaherezana ireo mpiofana tamin'ny alalan'ny teny hoe; " tsy ianareo no nifidy ahy fa izaho no nifidy anareo, ka nanendry anareo mba handeha sy hamoa ka aharetan'ny vokatrareo" no tianay ampaherezana ihany koa ny AMF manontolo izay eo ampanomanana ny "Choeur Uni 2020"; mba handeha hamoa vokatra sy hanao fanompoana sitrak'Andriamanitra. Ary tsy ho amin'ny Chœur Uni ihany fa ho amin'ny anjara fanompoany eo an'ivon'ny Fiangonana.Misaotra anao naharitra namaky.

Pasteur Faralalao Rajarisoa

“Koa tomoera tsara, ry rahalahy, ka hazony ny fampianarana natolotra izay nampianarana anareo, na amin’ny teninay, na amin’ny epistilinay.” (2 Tes 2:15)

Isika malagasy dia malaza fa mahay mampiara-peo rehefa mihira; feo efatra (polyphonie), toy ny efa latsaka ao anatintsika izany. Fitaizana hatry ny fony zaza? Tarazo ara-koltoraly hoy ny sasany? Fanomezam-pahasoavana sy talenta avy amin’Andriamanitra, hoy izahay...

Ny fiofanana natrehinay tany Grenoble (Saint Martin d’Hères) ny Asabotsy 25 Janoary 2020 lasa teo izay nokarakarain’ny AMF Nasionaly niaraka tamin’ny AMF Faritany Atsimo Atsinanana sy ny Antoko Mpihira ANTSA FPMA Grenoble dia manamafy io voalaza teny am-boalohany io: “Techniques vocales” na azo adika tsotra hoe fahaiza-mihira sy mamoaka feo no notovozina tany. Nisy teo amin’ny 30 teo ho eo ny isan’ny mpiofana (AMF Annemasse, Avignon, Grenoble, Lyon, Nice ary Saint Etienne) izay samy nahazo ny tandrify azy , amin’izao fanomanana sy fanatrehana ny ChoeurUni faha XVI any Avignon izao (21-24 Mey 2020).

Nohazavain’ny mpampiofana Ny Ifaliana RATREMA sy nodinihina niaraka tamin’ny mpitarika Amboarampeom-piangonana maro tao ny maha-zava-dehibe ny fahaiza-mamoaka sy mihira (l’importance de veiller sur la(es) technique(s) vocale(s) au sein d’un choeur).

Ankoatra ny fianarana mamoaka feo, dia notovozina tao koa ny fitarihana Amboarampeo (Comment diriger un choeur?) sy ny fanomanana fianaran-kira (Comment préparer une répétition?). Raha toa ka mpitarika vonon-kianatra sy hitombo fahaizana no ilain'ny Amboarampeom-piangonana, dia tsy azo adinoina ny fahaizany mibaiko. Mively bara no filazantsika Malagasy azy, na mibaiko, na mitarika hira, mitarika konseritra.

Anisan’ny nahafinaritra anay sy nahavelom-bolo nahita ireo mpitarika hira nandalo tsirairay nampianatra ny mpiofana, nizara ny traikefany na tamin’ny fanomanan-tena sy famanam-peo (echauffement corporel et vocal), na tamin’ny fitarihana fianaran-kira: fahasamihafana ao anatin’ny fiombonam-po (diversité dans la communion), hanome voninahitra sy hidera amin’ny alalan’ny hira. Mibanjina indrindra koa ny hetsika lehibe miandry ny Antoko Mpihiran’ny FPMA any Avignon.

Ho fehiny, toa tsapa fa fohy dia fohy ny tontolo andron’ny Asabotsy 25 Janoary, nanomboka tamin’ny sakafo maraina, fampianarana nafonja tsy mba nahamonamonaina, ny hanim-pitoloha naroso ny antoandro, ny fifanakalozana ary ny fodiana narahina vatsy. Mankasitraka tompoko !

Santatra am-bava rano ihany iny, fa ny manetsa be mbola ho avy!

"Mitsangàna, mihazavà, fa tonga ny fahazavanao, ary ny voninahitr’i Jehovah efa miposaka aminao." (Isaia 60:1)

Hery RAMANGASALAMA
Filoha AMF Atsimo Atsinanana



## L’EXIGENCE VOCALE, ACCESSOIRE OU NECESSITE?

Nous sommes missionnés pour partager notre foi à travers le chant. Au sein de nos chorales, nous savons l’importance des répétitions et de l’implication de chacun au sein du groupe. Oui, il est primordial que l’on soit nous-mêmes convaincus de ce que l’on partage et que personnellement nous ayons à cœur d’évangéliser à travers les dons qui nous ont été accordés. Mais est ce que nous nous sommes demandé si nos chants ou notre manière de chanter étaient aussi plaisants pour nous que pour notre auditoire ?Il est triste par exemple de noter que certains choristes en arrivent à chanter tellement fort qu’ils crient, parfois dans le but de se démarquer. Au lieu d’attirer les personnes vers le message, nous attirons alors leur attention vers nous-mêmes. Ce qui n’est pas ce qui est attendu d’un chœur, et encore moins par Dieu!Ainsi, vous l’aurez compris, faire attention à sa pratique vocale et être exigeant sur le résultat n’est pas accessoire mais c’est une nécessité pour mieux véhiculer notre partage.

Pour ce faire il faut donc :

1. Être à l’écoute de l’autre.
2. Chercher à uniformiser sa voix avec ses voisins
3. Articuler de son mieux
4. Suivre les indications de nuances imposées par le Chef de Chœur.

PS : Si vous êtes Chef de Chœur, n’hésitez pas à dire les choses à vos choristes. Vos propos les aideront à cibler les points d’améliorations.

La commission musique et chant

# LE RÔLE DU CHEF DE CHŒUR

Approprions nous d'abord les versets suivants, comme bases du ministère du chef de chœur et ...de choristes.

1.Quelle est l'origine de ce ministère ?
Il est d'origine divine, un héritage qui remonte à Exode 28 1-3
Établi par le Seigneur dès le commencement, ancré dans la Parole de Dieu.

2. Quel est le résultat lorsque l'adoration proclamée dans une parfaite unité est agréée par le Seigneur ?
2 Chron 5 :14 La gloire de l'Éternel descend sur nous.

3. Comment adorer le Seigneur ?
Jean 4 :23-24 : en esprit et en vérité
Être véritablement consacré à Christ, prendre soin de sa relation avec Le Seigneur, sous peine d'être soi-même à la source de problèmes dans la chorale

4. À quoi doit-on s'appliquer inlassablement ?
Colossiens 3 :16 : faites tout au nom du Seigneur Jésus : Se poser et faire poser aux choristes la question lors "Ce que nous faisons témoigne-il bien de notre respect devant Le Seigneur, Créateur de l'Univers"

Pour aller plus loin, n'hésitez pas à cliquer sur la caméra

5. Quel est le niveau d'engagement demandé par ce ministère?
Ephésiens 5 : 9 : Chantez, jouez de tout coeur
Etre complètement engagé et entièrement consacré au Seigneur

6. Nous sommes transformés en Christ : Galates 2 :20 : Ce n'est plus moi qui vis, C'est Jésus qui vit en moi

=> Ces versets nous encouragent à persévérer dans notre appel, mais ils nous démontrent également le niveau de consécration qui est demandé spirituellement pour accomplir notre ministère. En sommes nous bien conscients ?

À plus forte raison, comment transcrire cela au ministère du chef de choeur ? C'est celui qui :

- encourage la chorale en lui enseignant quelle est la raison d'être de ce ministère
- fait sentir la présence de Dieu. La façon dont il guide son choeur dans l'adoration favorise le dialogue et la rencontre avec le Seigneur
- exhorte les choristes à lutter pour rechercher l'excellence pour le Seigneur.
- est exemplaire : spirituellement correct et juste, il possède également de réelles compétences musicales pour emmener les choristes au plus haut niveau pour la gloire de Dieu. (Les limites du choeur sont les limites du CDC)
- approche le texte avec révérence et avec une forte conviction de l'appel de Dieu.
- travaille énormément le texte au delà de la simple technique : il recherche la profondeur du sens et utilise les outils musicaux pour souffler vie au texte, il souligne régulièrement la base spirituelle du chant
- cherche à montrer l'unité dans la diversité du corps du Christ au travers du travail des 4 voix qui composent du choeur
- contribue à faire tomber les murs qui séparent les choristes et aide chacun à se libérer spirituellement et vocalement
- travaille en collaboration étroite avec le pasteur
- travaille main dans la main et en équilibre avec le bureau : CDC et bureau doivent passer du temps ensemble en prière
- Travaille avec le bureau et la chorale pour mettre en place des règles de fonctionnement

Tiré de l'intervention du Pasteur David Brown, AG AMF Nov 2017.

En cliquant sur le logo, vous accédez aux supports CU2020

**Retrouvez nous sur**

AMF National - FPMA

amf_national